# TADIAVO NY ONDRY VERY

Misy iraka ao anatin'ity toko ity : **tadiavo, karohy ny ondry very** izany no asa andrasana amintsika tompon'andraikitra ao amin'ny finagonana.

Toe-javatra fahita amin'ny fiangonana izany .Misy ondry tsy hita fa mahalana na tsy hita intsony mihitsy. Mihataka na misintaka tsikelikely miala amin'ny daholobe ny ondry, noho ny antony maro samihafa na safidy manokana.

Matoa misy ny ondry dia misy ny mpiandry miambina ireo ondry ireo ary mandray fepetra raha misy ondry miala amin'ny lala-mahitsy. Ny ondry tsirairay dia tokony hanaraka ny lalana voasoritra hitondran'ny mpiandry azy.

Ny mpikambana ao anatin'ny vala (fiangonana) dia manana andraikitra hifampiahy. Ny tompon'andraikitra (anciens) dia **manana adidy hanara-maso ny hafa, ary ho hadinina amin'izany isika**.

« Maneke ny mpitondra anareo, ka manoava azy; fa izy miambina ny fanahinareo araka izay tokony hataon'ny olona mbola ampamoahina. » *Hebreo 13 :17a*

Misy antony roa no tsy maintsy iambenana ny ondry : Ny **tsy hisy amboadia hiditra** avy any ivelany miaraka amin'ny foto-kevitra mifanohitra amin'ny fotom-pianarantsika sy ny mba **tsy ihatahan'ny ondry** amin'Andriamanitra sy amin'ny andian'ondry.

Ireto ny anjara asan'ny mpiandry ondry : **mamahana** ny ondry, **miaro** azy ireo amin'ny amboadia ary **manara-maso** ny fivezivezeny.

Sarotra izany asa izany, satria mila miharitra zavatra maro toa an'i Jakoba isika.

*Genesisy 31 : 38-40*, fony izy niandry ondry tao amin'i Labana, niharitra zavatra maro izy : havizanana, hafanana, hatsiaka, tsy fahampian'ny torimaso sns…

*Ezekiela 34:2-6* dia manazava ny mpiandry ondry « ratsy » izay tsy mikarakara ny ondry araky ny tokony ho izy.

Anefa voasoratra koa fa:

« Izaho no hiandry ny ondriko, ary Izaho no hampandry azy, hoy Jehovah Tompo. Ny very ho tadiaviko, ny voaroaka hampodiako. Nalefany tety ambonin'ny tany ny Zanany lahy tokana, ilay mpiandry tsara, mba hanangona ny ondry rehetra tsy an-kanavaka na ny ao anatin'ny vala na ny eny ivelany". Ezekiela 34: 15-16a

Isika tompon'andraikitra izany dia « **mpiandry ondry-mpanampy »,** miara-miasa amin'Andriamanitra mba hiambina ny ondry.

**<u>Inona no hanadinan'ny Tompo antsika tompon'andraikitra ?</u>**

**Moa tompon'antoka amin'ny fiainam-panahin' ireo kristianina rehetra ve isika ? sa ireo mpiangona FPMA Bordeaux ihany? Na koa ireo izay ao anaty lisitra ny fiahiana ihany ? Mila mamaritra tokoa isika hoe iza ny ondry izay hiandraiketantsika ka hanadinan'ny Tompo antsika ?**

Ny ondry dia izay manaiky ho **mpikambana** ao amin'ny Fiangonana ka manaraka ireto toetra roa ireto:

- Olona mpianatry ny Tompo sady mpanaradia Azy.
- Miombona amin'ireo mpikambana hafa ka tonga ho fiombonan'ny mino na fiangonana.

Ny mpikambana ao amin'ny Fiangonana sy ny Sampana no ondry napetraky ny Tompo ho tarihina sy ho sahanintsika.

Midika izany fa **izay ataontsika amin'ny mpikambana no hanadinan'ny Tompo antsika**. Ny fiangonana (Tompo)no nanome fahefahana sy andraikitra antsika amin'ny maha tompon'andraikitra antsika eo anivon'ny fiangonana/sampana.

Isika no **fitaratra** eo amin'ny fiambenana sy ny fitadiavana ny ondry very. Mety ho mafy sy mavesatra izany saingy tsy miasa irery isika fa

- Misy ny fiaraha miasa eo amintsika TPA sy ny mpikambana (mifampiambina )
- ary indrindra tsy tokony ho adino fa ny Tompo momba antsika lalandava.

Isan'ny asa goavana noho izany ny famolavolana sata manazava tsara ny famarintana izay ho mpikambana mba hahomby isika TPA eo amin'ny asa fiahiana ny ondrintsika.

### Inona avy aza ireo karazana ondry very?

#### 1.Ny Ondry manjeny

- Ireo dia nofaritana ho ireo Kristiana ao anaty Fiangonana nefa **voasinton'**ny rendrarendra ka tsy mamonjy ny fotoam-pivavahana na ireo fiofanana ataon'ny fiangonana.
- Ohatra ireo izay miala sasatra ka tsy tonga mivavaka, na mahatsiaro kamo na reraka dia mifidy ny andro Alahady hafahana miala sasatra, ao ireo eo manamboatra trano ka mamita izany ny alahady, andro natokana iarahana mivavaka. Misy koa ireo zanaka mandeha mianatra lavitra ka manjary mangatsiaka tsy mamonjy fotoam-pivavahana etc…
- « Aza manadino ny fiarahantsika mivavaka tahaka ny fanaon'ny sasany » Hebreo 10 :25a
- Maro ny trangan-javatra heverintsika ho kely nefa ireny dia fanombohan' ny fanalavirana an'Andriamanitra.
- Anjarantsika mpiandraikitra no mamantatra ireo ondry tafalatsaka ao anatin'izany fandrika izany na mety ho isika koa aza no ho tratran'izany.

**2. Ny Ondry manota**

- Ireo ondry manota araka izany dia ireo ondry hitantsika ampahibe-maso ny fahotana ataony.

  Ireo olona ao anaty fiangonana nefa fantantsika fa manao tokantrano maso, mpijangajanga na mpaka vadin'olona, mpimamo, mpandainga sy mpamitaka ary mpangalatra…

- Isika indrindra no tokony hanantona azy ireny ka tsy hisalasala hitady ny fiteny araka ny fitarihan'ny Soratra Masina mba hiverenany sy hialany amin'ny fahotany.
- « fa mifananara kosa, mainka satria hitanareo fa mihantomotra ny andro» Hebreo 10 :25b

**3. Ny Ondry Mandringa**

Izy ireo dia ireo Kristiana tsy salama, marofy, taizan'aretina na ihany koa noho ny fahanterana ka tsy maharaka intsony ny namany. Nazoto sy navitrika izy ireo taloha anefa lasa tsy hita na misintaka ka mitoka-monina. Kivin'ny fiainana, noho ny fahoriana, ny tsy fahasalamana na fahantrana ihany koa.

Ny anjaran'ny tompon'andraikitra no manila maso mijery ireo ka manolotra ny tanana mba hanome fanampiana ho an'ireo mandringa.

Miara midinika ny TPA momba ny fisehoan-javatra mba hitadiavana izay fomba hanampiana ny marary. Mila sy mitady namana azo hiankinana ireo ondry mandringa mba hafahany mandeha ary tsy hivoaka ny vala.

Mitondra am-bavaka sy midinika miaraka amin'ireo ondry very ny TPA, amin'ny fihetsika na hetsika samihafa: fankaherezana, fitsidihana an-tokantrano, fihainoana, tsiky, tambitamby.

**4.Ny Ondry fiadiana**

Karazana ondry tezitra na misy tsy fahafaliana noho ny toe-javatra iray na disadisa misy eo amin'ny ondry hafa. Izany dia mitarika azy ireo hivaoka na tsy hazoto hijanona amin'ny fiangonana intsony.

Ny filaminana sy ny firindrana misy ao amin'ny Fiangonana anefa dia vokatry ny Fanahy Masina.

Tsy azon'ny TPA tsy jerena na mitazana fotsiny izany olana izany.

Mila fanampiana amin'ireo mpikambana namana mba hifanampy sy hifampidinika amin'ilay ondry tezitra. Ka ny tanjona dia ny hahitana olana na marimaritra iraisana. Ny fihavanana no lehibe indrindra.

«Sambatra ny mpampihavana fa izy no atao hoe zanak' Andriamanitra» Matio 5 :9

Mamolavola sy mampandroso antsika ao amin'ny Tompo ny toe-javatra misy olana.

**5.Ny ondry manaikitra na romotra**

Entina milaza ireo Kristiana feno fahatezerana ka tsy afaka hanantonana na sarotra ny miresaka aminy.

Mila mandray andraikitra ny TPA :

- Mangataka fiaraha-miasa amin' ireo namana, olon-dehibe sy loholona mba hihaona amin' ilay ondry manahirana.
- Mila fanetren-tena lehibe, ka manaiky ny jery kina omen'ny loholona sy ny TPA.
- Mila manana fo madio sy fijery tsy miandany mba hamahana ny olana amin'ny fahamarinana araka ny sitrapon' Andriamanitra.
- Entina am-pitiavana sy fo onena ny fifandraisana sy ny dinika.
- Fihainoana mavitrika ilay hetahetan'ilay ondry.

Aoka tsy hadino fa matoa misy ny olana na fahatezerana dia misy fitondrana na firafitra tsy mirindra ao ka mila dinihan'ny rehetra akaiky indrindra.

**Miambena: Antso ao amin'ny Filazantsara izany:**

Manangona ny ondry very dia adidy sy andraikitra feno ataon'ny tompon'andraikitra ao amin'ny Fiangonana ka mila fitiavana sy fandavan-tena tanteraka. Tsy ho vitantsika izany raha tsy miaraka amin'ny herin'ny Fanahy Masina.

Ny tompon'andraikitra dia vavolombelona sy Filazantsara ho an'ny ondry. Manana toetra toa sy araka an' I Kristy izay Mpiandry ondry tsara, Zanak'ondrin'Andriamanitra, Mpanasitrana ary Mpanjakan'ny Fiadanana.

Koa andao ary isika Tompon'andraikitra hanara-dia an'i Kristy izay feno Fitiavana antsika.

"Iza moa no olona aminareo, izay manana ondry zato, ka very ny anankiray, no tsy mandao ny sivy amby sivi-foloany an'efitra ka mandeha hitady ilay very mandra-pahitany azy?"

*Lioka 15: 4.*

"Mandehana amin'ny fitiavana, toy ny nitiavan' I Kristy anareo" Efesiana 5: 2a